## TALATAMATY - FAMONOANA SINOA 4

# JIOLAHY ROA MATY VOATIFITRA, TELO TRA-TEHAKA NIARAKA TAMIN'NY VOLABE

## MARINA IZANY ! 3
## VITA FETY !

### Fantina 2



## VOKATSOA AZO AVY AMIN'NY RANON'NY MANANASY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7467 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 11 janoary 2023


## NAIVO RAHOLDINA 8



## MANOHANA NY FAMETRAHANA GOVERNEMANTAN'NY FISOKAFANA

## OLOMBOAFIDY SAMY MANOHANA FITONDRANA 3

# VAKY NY ADY EO AMIN'NY DEPIOTE JEAN MICHEL HENRI SY MILAVONJY PHILOBERT





## "EDITION LE LAUREAT RATSIMAHOLY" 2
## ASAN'NY MPANONTA BOKY
## TANDINDOMIN-DOZA



MIDI FLASH Hivoaka manomboka anio

## FAHARATSIAN'NY LALAM-PIRENENA FAHAROA 8

# MANAMBANA HITOKONA IREO MPITONDRA KAMIAO


Telma

AVEC MES POTES
ET MA FAMILLE,
JE PAPOTE À MINI PRIX !



NOUVEAU
M'Ora TEAM

60 Min SMS Mo

vers tes 3 numéros FAF

1 000 Ar TTC Tape le #322*26#

Utilisable à toute heure

G CL 397/26-9

"Edition Le Lauréat Ratsimaholy"

# Tandindomin-doza ny asan'ny mpanonta boky

*Efa nivoaka volana vitsy ary azo jifaina manerana an'i Madagasikara ny Laureat du CEPE 2022. Hivoaka tsy ho ela ihany koa ny vokatra vaovao Le Laureat 2023 ho an'ny BEPC, Bac, Bac OSE, ary ny Bac ACD.*

Naneho ny heviny tetsy amin'ny IKM etsy Antsahavola ny "Edition Le Laureat Ratsimilaho" omaly noho ny fahatsapany fa tandindomin-doza ny asan'izy ireo. Tsy tantin'izy ireo intsony ny hafitsoky ny mpanao hosoka sy dika mitovy amin'ny boky vokariny ka nanaovany antso avo ny tsy hisian'izany intsony, indrindra ho an'ny sanganasan'izy ireo. Nambaran'i Fafi Ratsimaholizanany, Tale Jeneraly, fa tsy hilefitra intsony manoloana ireo mpanao hosoka izy. Notsindriany fa gadra enimbolana sy fandovana lamandy ary onitra an-tapitrisany ariary ny fanaovana izany raha araka ny lalàna manan-kery, ary mitaky ny hampiharana izany izy ireo. Miantso ny mpisehatra rehetra amin'ny fanabeazana sy ny Ray aman-dreny ary ny mpiarabelona izy ireo mba tsy hanjifa intsony ny boky hosoka fa mahavoasazy ihany koa izany. Mafy ny asampamoronana ary lafo ny fitaovana ampiasaina amin'ny fanontana boky ka fampiroboroboana ny mpanoratra sy ny asa soaratra ny fividianana ny tena izy. Mambotry ny mpiara-belona sady mamahan-dalitra ny ray aman-dreny sy ny zanaka malagasy etsy ankilany ny hosoka. Ankoatra izay dia mamotika sy manimba ny asa fiveloman'ny mpanonta boky ara-dalàna ihany koa, satria dia miteraka fatiantoka hatrany amin'ny 80% ho azy ireo.

Raha ny fanazavana dia mpanonta boky hosoka «laurét» 20 mahery manerana an'i Madagasikara no efa voasambotry ny avy ao amin'ny "BAP" nanomboka ny taona 2018 taorian'ny fitoriana natao.

**Vokatra vaovao**

Tetsy ankilany, io omaly io ihany koa no nampahafantarin'ny Dg Fafi Ratsimaholizanany ny boky vaovao novokarin'izy ireo manoloana ny fanadinam-panjakana izay miandry ny mpianatra. Efa nivoakla volana vitsy ary azo jifaina manerana an'i Madagasikara ny Laureat du CEPE 2022. Hivoaka tsy ho ela ihany koa ny Laureat 2023 ho an'ny BEPC, Bac, Bac OSE, ary ny Bac ACD. Tsy nohadinoin'izy ireo ihany koa ny manolotra ny Laureat Français sy Matematika. Ny "Edition Le LauréatRatsimaholy" moa dia natsangan-dRatsimaholy 45 taona lasa izay. Ny tararany indray no manohy ny asany ankehitriny. Mampiasa olona 50 mivantana sy mamelona olona tsy latsaky ny arivo izy ireo. Manoratra sy mamokatra boky fampianarana ho n'ny kilasy garabola hatrany amin'ny kilasy famaranana no ahafantarana ny « Edition Le LauréatRatsimaholy».

**Tiaray R**

Erick Manana

# Hitondra "Revy tsy fahita firy" eto Madagasikara



**Erick Manana sy ry Ralah'Trio ireo.**

Artista gasy monina any ivelany tia mamangivangy ny tanindrazana i Erick Manana. Nanomboka tamin' ny nitondrany ny vazondRazilinah taty amintsika rehefa nandeha irery nitondra ny anarany izy no nahita tsirony tamin'ny fiarahana tamin'ireo mpiray tanindrazana. Nitohy hatramin'izao izany, saingy ny mampiavaka azy dia fahaizany mikolokolo ny fiarahana. Izany hoe tsy mandeha irery izy, fa miezaka mitondra zava-baovao sy olom-baovao hatrany, hany ka manintona mpijery hatrany ny seho atolony. Nanomboka tamin'ny faramparan'ny taona 2022 iny dia efa nandeha sahady ny fanentanana isan-karazany manomana ny fahatongavany. « *Revy tsy fahita firy* » no hoentiny hampandrevirevena ireo mpitia mozika eto amintsika amin' izany.

**« Ralah'Trio »**

Artista mbola tsy fahitantsika teto an-tanàna ny Ralah'Trio, saingy efa niara-niasa taminy tany ampitandranomasina ary efa nitety toerana maro tao Eropa. Mbola anatin'ny fahatanorany ry zalahy fa henjana raha hilalao mozika, izay ahitana an'i Tsanta, Ranto ary Titan. Ao anatin'ny « *Revy tsy fahita firy 2023* », no hiarahany amin'i Erick Manana amin'ity taona ity, izay efa manana programa mipetrapetraka sahady manomboka ny volana martsa ka hatramin' ny jona 2023. Ho an'Antananarivo dia ny 10 sy 11 jona no hiakaran'izy ireo sehatra. « *Erick Manana & Ralah Trio*». *Efa ela tokoa no nanomanana an'izy ity, ary efa tena masaka tsara kosa ankehitriny. Hoentina mihodina aty Eropa ary mifarana any Gasikara ny fitetezam-paritra 2023* », hoy i Erick Manana.

**Fy**

FLM Tsimahabeharona Finoana

# Hankalaza jobily faha-120 taona amin'ity taona ity



**Rakotomalala Herizo, filohan' ny jobily faha-120 taona.**

Ny taona 1903 no niorina tao amin'ny kaominina Tsimahabeharona Finoana ny Fiangonana Loterana Malagasy, ao anatin'ny distrikan'Antanifotsy. Misionera Norveziana sy Malagasy ary Anglisy no tonga tany an-toerana taona vitsy talohan'izany ary izy ireo no nandresy lahatra ny mponina sy ny tompon'ny toerana ny hananganana fiangonana tao. Nandritra ny resaka nifaovana tamin'ny filohan'ny Jobily, Rakotomalala Herizo, dia hankalaza ny jobily faha-120 taonany amin'ity taona ity ny fiangonana. Daty telo no tokony hotsarovana dia ny 28 sy 29 janoary izay andron' ny fanokafana ny jobily amin'ny fomba ofisialy. .Ny 26 sy 27 aogositra kosa ny ivony, ary ny 24 sy 25 desambra no famaranana. Efa tafajoro ny komity mpanomana ny jobily ary izy ireo niaraka tamin'ny mpivavaka no nanapaka ireo daty ireo. Anisan'ny fiangonana loterana tranainy ity ao Tsimahabeharona ity. Manana ny tantarany ary anisan'ny toerana manana ny hasiny i Tsimahabeharona raha ny fanazavana. Ankoatra ny maha fankalazana ny jobily faha-120 taona dia hisy ihany koa ny fameranan-kasina ny tanàna.

**Nahazo taranaka**

Talohan'ny nananganana ny fiangonana dia toerana fanompoan-tsampy tany toerana. Anisan'ny nanamasina izany doany izany ny tompon'ny tany nanangana ny fiangonana noho izy ireo tsy niteraka mihitsy na dia efa nivady an-taonany maro aza. Rehefa tonga ny misionera dia resy lahatra izy ireo ary nanakatona ny doany. Rehefa tafajoro ny fiangonana dia nandeha toerana hafa indray ireo misionera ary taona vitsy taorian'izay dia nahazo zaza ireto mpivady ireto. Amin' izao fotoana, ireo taranaka ireo no manomana ity jobily ity. Raha 50 teo ho eo ny isan'ny mpivavaka tany ampiandohana tamin'izany. Efa mahatratra 600 ny taranaka ao an-toerana raha mihoatra ny arivo kosa ireo any ampielazana miely patrana.

**Nangonin'i Tiaray Rakoto**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny hany tena fahombiazana dia aoka ianao hiasa raha mbola variana milalao ny hafa."

**Ny Vetso (14.03.14)**

("La réussite, c'est d'abord et surtout d'être au travail quand les autres vont à la pêche." Philippe Bouvard)

Fantina

## Vokatsoa azo avy amin'ny ranon'ny mananasy



**Manatsara ny fahasalamana no sady mitondra otrikaina maro ny " jus d'ananas " tsy misy fangarony.**

Manatsara ny fahasalamana no sady mitondra otrikaina maro ny « jus d'ananas » tsy misy fangarony.

**Ireto avy ny vokatsoa entiny**

- Manala fanaintainana (Anti-inflammatoire)
- Manampy amin'ny aretina homamiadana, « cardio-vasculaires », tosidra ambony (hypertension), menaka anaty ra (cholesterol), satria noho izy « detox » izay manala ny « toxines » rehetra any amin'ny taova rehetra sy any amin'ny ra ary koa « diurétique ».
- Misoroka ny vokadratsin'ny « radicaux libre » noho izy manankarena « manganèse » sy « cuivre » izay mamorona ny « hémoglobine » sy « collagène » manamafy ny « tissus » sy ny taolana any amin'ny vanintaolana ka manampy amin'ny aretina « osteoarthrite », « arthrose », « rhumatisme », « goutte ».
- Manankarena VIT C izay mitondra hery ary misoroka ny aretina mitondra any amin'ny fahanterana haingana.
- Manankarena VIT B1(thiamine) izay mampatanjaka.
- Manankarena VIT B6 (pyridoxine) izay manampy ny fiforonan' ny liomena izany hoe mitondra rivotra any amin'ny vatana. Ny VIT B6 koa dia manova ny « glycogène » ho lasa « glucose » izay mampiakatra ny tahan'ny système immunitaire.
- Manankarena « cuivre » izay mamorona ny « hémoglobine » sy « collagène protéine » izay mikarakara ny fahasimban'ny hoditra sy ny taolana any amin'ny vanintaolana vokatry ny « radicaux libre »
- Manankarena « fibre » izay manatsara ny tsinay no sady manampy amin'ny fandevonan-kanina.
- Manatsara ny hoditra.
- Misoroka ny kohaka, rhume, infection.
- Anti- allergie.
- Manatsara ny maso.

**Fomba fikarakarana azy**

Maka mananasy dia voasana ary tetehina madinika. Potehina amin'ny « mixeur » ary tantavanina ny ranony dia sotroina 1 vera isanandro mandritra ny 3 andro ihany. Marihina fa miankina amin'ny toe-pahasalamanan'ny tsirairay no ahafahana manaraka ny fitsaboana natoraly toy izao.

**Tanya R**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 878 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

Nahandro

## Paty sy tongolo gasy ary fromazy

Zavatra ilaina: paty 500g, tongolo gasy 10, lard fumé 75g, fromazy 200g, menaka 4 sotro lehibe, sira sy dipoavatra. Teteho ny lard fumé na henankisoa fanendy ihany koa mety, ary toraka izay koa ny tongolo gasy. Ampangotrahy ny rano misy sira, avy eo dia arotsahy ao ny paty ka masaho. Etsy ankilany, hafanao ny menaka dia endaso ny tongolo gasy sy ny lard fumé ary harorahoy. Teteho ny fromazy. Tsihifo ny paty ary arotsahy miaraka ao dia aroarohy. Arotsahy ao koa ny fromazy dia asio sira sy dipoavatra.

Olomboafidy samy mpanohana ny fitondrana

# Vaky ny ady eo amin'ny depiote Jean Michel Henri sy Milavonjy Philobert

*Ny toe-javatra toy itony no mahatonga ireo tena nitolona ho tezitra manoloana ny fihetsik'ireo mpanao fiavin'ny tafara.*




**Ireo ben'ny tanàna maromaro ao amin'ny distrikan'Ambovombe Androy nanao fanambarana.**

Nisy akony ratsy. Lasa niteraka disadisa teo amin'ireo solombavambahoaka samy mpanohana ny fitondrana ny vokantr'ilay fitsipaham-pitokisana ny governemanta ny fiandohan'ny volana desambra lasa teo. Mampibaribary izany, dia vaky tanteraka ny ady eo amin'ny depiote isany Jean Michel Henri izay sady Kestora voalohan'ny Antenimierampirenena sy ny depiote Milavonjy Andriasy Philobert izay samy lany tao amin'ny distrikan'Ambovombe. Ity farany dia nanatsikafona tamin'ny alalan'ny fahitalavitra nasionaly ireo tombotsoa mihoapampana voalazany fa sitrahin'Atoa Kestora. Eo ihany koa ny filazany ny fisian'ny fanodinkodinambola ao amin'ny Antenimierampirenena. Efa nitondra fanazavana hentitra momba ity raharaha ity moa Atoa Kestora. Raha tsiahivina dia depiote voafidy tamin'ny anaran'ny tsy miankina Atoa Milavonjy Philobert. Mpitarika ny Vondrona Parlemantera GPR eny anivon'ny Antenimierampirenena izy ankehitriny. Zavatra mampisongadina azy ny fahaizany milomano sy mamadika palitao. Hita taratra izany tamin'ny fitondran'Atoa Hery Rajaonarimampianina. Depiote voafidy tamin'ny anaran'ny MMM ny tenany tamin'izany ary lasa namadika ireo namany, ary nila ranondranony tamin'ireo lohandohan' ny mpisorona tao amin'ny HVM, ka tonga namana akaiky ny Filoha. Tsy mbola niova io fomba fanaony io fa notohizany hatrany amin'izao fitondrana TGV izao ka io izy mahazo vahana fa hoe akaiky ny mpitondra io.

**Manohitra marindrano**

Eo anatrehan'ireo fihetsika nataon'ny depiote Milavonjy Philobert ireo, dia nitsangana ireo ben'ny tanàna 16 amin'ireo 21 misy ao amin'ny distrikan'Ambovombe Androy niaraka amin'ireo sefo fokontany 96 any antoerana manohitra marindrano izany. «*Manameloka ny fihantsiana sy ny fanalambaraka ataon'ny depiote Milavonjy Andriasy amin' Atoa Kestora Jean Michel Henri izahay. Tsy azo ekena ny zavatra ataony satria manakana ny fampandrosoana efa miroso sy hita maso ankehitriny* », hoy ny fanambaran'izy ireo. Nanamafy ireto olomboafidy sy olomboatendry avy eny ifotony ireo fa manohana tsy misy fepetra ny zavabitan'Atoa Kestora tamin'izy ireo sy manamafy hatrany ny fiaraha-miasa amin'ny Filoha Andry Rajoelina.

**JUDD**

Jean Nirina Rafanomezantsoa

# Mpitondra mahay manakaiky vahoaka no ilaina

Manaraka akaiky ny toedraharaham-pirenena ny filohan'ny fikambanana Hafari Malagasy, Atoa Jean Nirina Rafanomezantsoa amin'izao fotoana izao. Mahatsapa ity farany fa tokony hahay mifanakaiky mandrakariva ny mpitondra sy ny vahoaka, mba hisian'ny fampandrosoana marina eto amin'ny firenena. Misedra olana goavana ny Filoham-pirenena ankehitriny, hoy izy satria, "*Na dia eo aza ny finiavany hanatanteraka ny vina. Toa ny sasany amin'ireo nanankinany andraikitra sy nalainy ho namana indray no lasa vato misakana ny fampandrosoana tiany hatao*". Eo anatrehan'izany dia nanambara ity farany fa Minisitra sy



Governora maromaro no tokony hiala amin'ny toerany satria misy tsy mahay ny tokony ataony ary ny sasany miantehatra amin'ny famatsiam-bola sy mitomany voninahitra fotsiny. Nantintranteriny, fa olona mahay mifanakaiky amin'ny vahoaka no tokony hahazo ny fahefana mpanatanteraka.

**Minisitry ny Mponina**

Nalainy ohatra tamin'izany ny minisitry ny Mponina teo aloha, Rtoa Nadine Ramaroson izay notsiahiviny fa nahay nijery ny sosialimbahoaka, niady tamin'ny tsindry hazo lena, nanohitra ny herisetra. Isan'ny nairaniasa akaiky tamin'ity minisitra teo aloha ity moa Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa ary mahatsapa, fa nampitombo ny fitiavan'ny vahoaka ny Filohan'ny Tetezamita tamin' ny fotoan'androny ny fomba fiasan'io minisitra io tamin' izany. Fa ankoatra izay, Nanipy teny hoan'ny mpanao politika ihany koa ity farany raha nanambara fa tsy vahaolana ny fifanakianana sy ny fifampihantsiana ary ny fafanomezan-tsiny amin'izao vanim-potoana mafampana izao. Nanaovany antso avo manoka amin'izany ny TGV mba tsy handray ny mpanohitra ho fahavalo satria samy Malagasy.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Vita fety !

**Vita iny ny fety. Samy nanana ny fomba nankalazana sy niainana azy ny tsirairay, ny isan-tokantrano ary ny isam-pianakaviana. Fety roa sosona be izao rahateo no nankalazaina. Anisan'ny ako na endrika ivelany mampiseho ny fahavitan'ny fety ny fako miavovona etsy sy eroa eran'ny tanàna. Fony mbola tsy tonga aza ny fety dia efa teo ny fako raha ny teto Andrenivohitra, mainka fa taorian'ny fahavitan'ny fety! Mitombo rahateo ny fako rehefa amin'ny andro fety. Ny akony faharoa dia teo amin'ny isan-tokantrano nisy ny fandaniana, izay tonga amin'ilay fiteny hoe "an-tanan-dany". Ho an'ny mpiasa mpikarama dia ity volana ity no anisan'ny lava indrindra amin'ny taona. Na efa mahazatra sy iainana isan-taona aza, ny volana janoary dia anisan'ny mafimafy ny manala azy ho an'ny maro. Etsy an-danin'izay anefa mbola mitohy ny fifampiarahabana sy firariantsoa, izay misy arahina lanonana. Izany hoe mbola mitohy ny fetifety ho an'ny sasany. Azo lazaina fa miverina tsikelikely ny fiainana andavanandro na mbola misy aza orinasa sy tranombarotra mikatona noho ny fialan-tsasatra. Miverina ihany koa ny resaka pôlitika. Any anatin'ireny lanonana fifampiarahabana ireny dia resaka pôlitika no tena betsaka. Samy mihetsiketsika ary ahitana izany daholo izao na ny any amin'ny fitondrana, na ny any amin'ny mpanohitra.**

Lucien Raharison

COI

# Hamoraina ny fifandraisana eo amin'ny tany mpikambana

Hamoraina ny fifandraisana amin'ny lafiny rehetra eo amin'ireo samy tany mpikambana eo anivon'ny COI, na Vaomieran'ny Ranomasimbe Indiana, izay ahitàna an'i " La Réunion, Seychelles", Môrisy, Kômôro, Madagasikara. Nivohitra izany nandritra ny fananganan-tsaina ho fankalazana ny tsingerin-taona faha-39 nisian'ny "fifanarahana tany Victoria", izay nametrahana ny COI ho vondrom-paritra ofisialy taty amin'ny Ranomasimbe Indiana, omaly. Araka ny loharanom-baovao iray, dia hatao laharam-pahamehana amin'izany ny fandinihana ny momba ny fifandraisana an-habakabaka, an-dranomasina, haino aman-jery, ary nomerika. Tsy hohadinoina ihany koa ny famahana ny olana iombonan'ny mpikambana ao amin'ny kômisiôna toy ny ady amin'ny hosoka, ny fanatsarana ny fahasalamam-bahoaka, ny fiahiana ara-tsakafo, ny fijerena ny tombontsoa iombonan'ny samy mpikambana amin'ny lafiny ara-barotra ary ny stratejia tokony hapetraka amin'ny sehatry ny jono sy ny harena ambanin'ny tany. Marihina fa i Madagasikara no Filohan'ny COI amin'izao fotoana izao, ary amin'ny taona 2025 dia hihazona ny toeran'ny Sekretera Jeneraly indray.

**Mamy R.**

midigazetikom@gmail.com



## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia... Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-4)

* Debara, frigo, fanaka, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-7)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, lamba, kiraro, poketra sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-7)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-4)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-4)

* Mividy lamba, kiraro, poketra, debara, fanaka, frigo, télé. Tél : 033.04.572.23 / 034.43.260.88. (G-BA 441/6-2)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-6)

* Cours de coiffure accéléré Isotry Ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-6)

* Fampianarana manety lehilahy " Coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 435/10-6)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse sept, puisard, réparat°, réhabilitat°. Tél : 034.16.145.06 / 034.47.024.33. (G-BA 416/10-10)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 424/20-20)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 440/6-1)

* Manao ny asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 440/6-1)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 440/6-1)

Talatamaty - Famonoana Sinoa

# Jiolahy roa maty voatifitra, telo tra-tehaka niaraka tamin'ny volabe

*Mbola maro ireo karohina ary araka ny fanamarinam-baovao hatrany dia misy mpianakavy ireto voasaringotra noho ny firaisana tsikombakomba tamin'ireo mpanao ratsy tamin'ity raharaha ity.*



**Ireo jiolahy namono nahafaty Sinoa.**

Voasambotry ny zandary ireo jiolahy nandray anjara tamin' ny raharaha fanafihana mitam-piadiana narahina famonoana Sinoa teny Fitroafana Talatamaty, tamin' ny alin'ny 26 desambra lasa teo. Telo lahy no tra-tehaky ny zandary avy ao amin'ny vondrontobim-pileovana Ambohidratrimo. Ny roa lahy hafa kosa namoy ny ainy. Anisan'izany i Njiva, na i Bolo, izay nokarohina teny manodidina an'Ankadindravola saingy maty voatifitra avy eo ambony môto rehefa nitsoaka teny Anjomakely. Mbola maro ireo karohina ary araka ny fanamarinam-baovao hatrany dia misy mpianakavy amin'ireto voasaringotra noho ny firaisana tsikombakomba tamin'ireo mpanao ratsy tamin'ity raharaha ity. Ilay jiolahy atao hoe Njiva io dia mpamerin-keloka ary efa imbetsaka no nanao asa fanafihana. Izy io dia efa nigadra teny amin'ny fonjan' Antanimora.

**Vola 50 tapitrisa**

Raha hiverenena ny tranga dia andian-jiolahy nisarontava no niditra an-keriny tao amin'ny tokantranon'ity Sinoa nisy namono ity ary anisan'ny noratrain'ireo jiolahy ihany koa ny vehivavy iray Sinoa hafa tao. Lasa tamin'izany ny vola 50 tapitrisa ariary sy finday. Araka ny fikarohana sy ny fanadihadiana nataon'ny Zandarin'Ambohidratrimo hatrany dia mbola nahatrarana vola 3 594 700 ariary tamin'ireo jiolahy voasambotra ary nogiazana ireo « moto miisa 4 » Racing king izay novidiana tamin'ny vola halatra niaraka tamin'ny fahitalavitra lehibe 2 ary subwoofer. Voalaza fa ny mpiambina tao amin'ilay Sinoa io ihany koa no mpiray tsikombakomba tamin'ireto jiolahy ka nanome loharanom-baovao ka nahafahan'ireto tsy mataho-tody nanao ny asa ratsy. Izy no nahafantatra ny fisian'ilay vola tao amin'ilay trano ary efa andro maromaro no nanomanany ilay fanafihana. Marihina fa efa nisy tamin'ireo jiolahy no tafavoaka tany amin'ny faritra ka nitohy tany Fianarantsoa, Toamasina ary Ambatondrazaka ny fisamborana, hoy ny kapiteny Mihaja lehiben'ny zandarin' Ambohidratrimo.

**Ariel D.**

Ankazomanga

# Trano hazo 20 tafo nirehitra

May avokoa ny entana, tsy nisy tafavoaka fa ravan'ny afo tao anatin'ny ora iray monja. Io no voka-dratsy nateraky ny haintrano tetsy amin'ny fokontany Akazomanga Tsaramasay, omaly tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Mizara roa ny filazan'ny olona nahatonga an'ity loza ity. Tao ireo nilaza fa hoe afo tamin'ny fatapera nitongilana no nitatra nananika ny trano ka nampirehitra azy. Ny sasany nanamafy fa hoe fipoahan'ny herinaratra no nitarika ny loza. Tsy fantatra araka izay ny tena zavanisy marina fa ny fanadihadiana no hamaritra ny antony. Somary lavidavitra io toerana io satria amoron-tanimbary. 400 metatra miala ny arabe no nisy azy ka nanano sarotra ny famonoana ny afo. Niezaka nanondraka izany ihany ny fokonolona kanefa tsy nahitam-bokany loatra. Rehefa tonga ny mpamonjy voina vao nihena ny herin'ny firehetana.

**Kamiao telo**

*« Voafehy ihany ny afo mba tsy hitatra amin' ireo trano manodidina. Tokony ho tamin'ny 12 ora tany ho any ilay loza no nitranga. Lavitra be ilay toerana ary nisy ny fanelingelenana ataon'ny olona ka teo no nanahirana kely. Teo amin'ny 15 hatramin' ny 30 minitra ny afo no maty tanteraka. Ny entana rehetra tao anatin'ny trano tsy avotra fa ny sasany raha mbola tsy tonga akory ny afo dia efa nanavotra ny entany. Kamiao telo mpamono afo no nahetsiky ny mpamonjy voina tao Tsaralalana sy Anosivavaka »*, hoy ny lehiben'ny mpamonjy voina. Hatreto dia mbola tsy fantatra mazava ny isan'ny traboina tamin'ity tranga ity.

**Ariel D.**

Ankazobe

# Dahalo 20 nirongo basy nanafika tanàna, olona roa naratra

Andian-dahalo manodidina ny roapolo nirongo basimborona sy zava-maranitra no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny tany amin'ny tanàna antsoina hoe Tanambao, any amin'ny fokontany Morarano, kaominina Tsaramandroso, distrikan'Ankazobe, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny sivy ora alina. Nandritra ny nanatanterahan'izy ireo ny fanafihana no nisy olona roa naratra tamin'ireo fokonolona. Omby manodidina ny telopolo no lasan-dry zalahy tao amin'ity tanàna ity dia lasa izy ireo nandeha. Efa nampandrenesina mikasika ny zava-niseho ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony tany amin'ilay toerana nisehoan'ny fanafihana ary nandeha nanara-dia niaraka tamin'ireo fokonolona taorian'izay. Fantatra fa nizotra niatsinanana ny dian' ireo dahalo ary nihazo ny kaominina Andranomiely. Hitan'ireo mpanara-dia navelan'ireo mpanafika teny an-dalana ny omby dimy fa izy ireo nanohy ny diany lasa nitsoaka niaraka tamin'ny ankamaroan'ireo omby nangalariny. Efa nampandrenesina avokoa ny zandary tamin'ny toby manodidina mba hifanome tanana amin' ny fisamborana ireo olondratsy.

**T.H**

Ambohimahasoa

# Olona 11 nilatsahambaratra, olona 2 mpivady maty, 9 hafa naratra

Loza no niseho tany amin'ny distrikan'Ambohimahasoa afakomaly tokony ho tamin'ny 4 ora sy sasany tolakandro. Fianakaviana iray trano no nilatsahan'ny varatra ka olona 11 mianaka no indray lasibatra tamin'izany, ka olona roa izay mpivady tamin'izy ireo no namoy ny ainy ary olona sivy hafa kosa naratra. Nisy oram-be nikija tany an-toerana tamin'io fotoana io ka nandritra izany no nirefotra ny varatra ka niantefa tany amin'ireto mpianakavy ireto, ary io nitarika fahafatesana tsy tra-drano ho an'ireto mpivady ireto sy nandratra ireo olona sivy hafa izay fantatra fa may avokoa ireo. Samy nanao izay ho afany tamin'ny famonjena ny fokonolona teo an-tanàna teo anatrehan'ity loza ity. Efa nentina namonjy hopitaly notsaboina araka izany ireo tradoza ireo. Nisy zaza telo taona, zanak'ireto mpivady maty, moa anisan'ireo naratra. Fantatra fa tena voa mafy ihany koa io zaza io fa voatsabo ara-dalàna ary tsy nisy nahiana ny ainy taorian'izay. Tamin'ireo olona notsaboina ihany koa no nisy ireo efa nahazo fitsaboana sahaza ka efa nalefa nody fa tao koa ireo mbola voatery nijanona teny amin'ny hopitaly nanohy ny fitsaboana azy. Marihina fa trano misy rihana ity lasibatra ity ary soa fa nisy olona hafa mba tsy naninona. Ny tany ambany rihana sy tany amin'ny farany ambony no tena voa mafy.

**T.H**

Isotry

# Lasibatry ny mpanendaka ireo mpivoaka maraina

Anisan'ny faritra mafana amin'ny resaka fanendahana eny amin'ny faritr'Isotry sy ny manodidina iny. Maro araka izany ireo olona mitaraina amin'ny afitsoky ny olon-dratsy. Araka ny fanazavana dia ireo olona mivoaka ny tranony vao maraina, handeha hiasa na hivarotra no tena tilian-dry zalahy ka ataony lasibatra. Nandray ny andraikiny araka izany ny polisy ka omaly tokony ho tamin'ny 3 ora maraina no tratra ambodiomby teo am-panaovana ny asa ratsiny ka voasambotra teny amin'ny sakan-dalana ataon'ny polisy avy ao amin'ny boriborintany fahefatra ao Isotry ny lehilahy roa 25 taona sy 20 taona. Araka ny fanazavana hatrany dia efa ikoizan'ny olona amin'ny asa ratsy ataony ry zalahy tratra ireto. Taorian'ny fisamborana azy ireo dia efa nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy ireo notanana tany sy natao famotorana alohan'ny hitondrana ny raharaha eny amin'ny Fampanoavana.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

***#Niparitaka tamin'ny tambajotran-tserasera tato ho ato fa misy mivaro-janaka ny olona any Ikongo.***

Rehefa nohamarinina ny ny vaovao dia nanamafy ny depiote Jean Brunelle Razafintsiandraofa, voafidy tao Ikongo, fa « Marina io ». Sahirana loatra ny olona ka ankininy amin'izay olona mahavita mamahana ny zanany ilay zaza, hoy ny depiote. Tsy ny ao Ikongo irery, hoy izy, fa efa saika ahitana izany ny faritra Atsimo Atsinanana rehetra, na ny « grand Sud-Est ».

**# ZDS Andringitra. Omby 20 no azo teny am-pelatanan' ny dahalo.** Tafaverin'ny miaramila amin'ny tompony ireo omby miisa 20 nangalarin'ny dahalo tao Tanambao Beraketa, fokontany Ampasinakoho, kaominina Maropaika, distrikan'Ivohibe, ny 9 janoary teo. Nisy ny fifandonana mahery vaika teo amin'ny miaramila sy ny dahalo ka telo tamin'ireto farany no lavo ary basim-borona iray no azo.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Aza mikoropaka*




## Hatsikana an-tsary

*Miaramila*




## Masoandro Miposaka

**Isaia 45 : 11**

Izao no lazan'i Jehovah ny Iray Masin'ny Isiraely, dia ny namorona azy: Ny amin'ny zavatra ho avy no anontanio Ahy; ary ny zanako sy ny asan'ny tanako dia aoka ho adidiko ihany.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Banga very antsy, ka ny kenda no ampoizina.**

Quand quelqu'un à qu' il manque des dents a perdu son couteau, il ne s'attend plus qu'à s'étrangler avec ses aliments.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2848

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 3 | | | | | 6 | | |
| | | | | | | | | |
| 2 | | | | | 6 | | 5 | |
| | 4 | 5 | 7 | 3 | | | | |
| 3 | | | 9 | | | | | |
| | | 2 | | | | 9 | | 7 |
| | | | | | 2 | | | 8 |
| | | 4 | 6 | | | | | 5 |
| | | | | 4 | 5 | | 1 | |

Valin'ny laharana 2847

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 5 | 2 | 3 | 7 | 9 | 1 | 6 | 8 |
| 1 | 6 | 8 | 4 | 5 | 2 | 9 | 7 | 3 |
| 7 | 9 | 3 | 8 | 1 | 6 | 2 | 4 | 5 |
| 8 | 1 | 4 | 2 | 6 | 5 | 7 | 3 | 9 |
| 5 | 2 | 7 | 9 | 3 | 8 | 6 | 1 | 4 |
| 6 | 3 | 9 | 7 | 4 | 1 | 8 | 5 | 2 |
| 3 | 8 | 6 | 1 | 9 | 4 | 5 | 2 | 7 |
| 9 | 7 | 5 | 6 | 2 | 3 | 4 | 8 | 1 |
| 2 | 4 | 1 | 5 | 8 | 7 | 3 | 9 | 6 |

CHAN 2023

# Hanainga anio ho any Algérie ny Barea de Madagascar

Taorian'ny lalao fanomanantena faharoa farany, notanterahin'ny Barea de Madagascar tany Tonizia, dia hanainga anio ho any Algerie ny ekipam-pirenentsika, hiatrika ny "CHampionnat d'Afrique des Nations 2023", hanomboka amin'ny zoma 13 janoary 2023 ka tsy hifarana raha tsy amin'ny sabotsy 04 febroary 2023. Araka ny fanamarihana nataon'ny mpanazatra Romuald Rakotondrabe "Rôrô", dia vonona tanteraka ny mpilalaony, hisedra ny fifaninanana voalohany handraisantsika anjara amin'ny CHAN. Nanteriny fa ananany fanantenana ny "boaikeliny" amin'ny fihaonana ataony any Algerie ka ny famonoam-baolina sisa no imasoana fatratra. Tsiahivina fa nisaraka ady sahala samy tsy nisy nahavaky atody ny Barea de Madagascar sy ny "Mena"-n'i Niger, afak'omaly tany Tonizia. Betsaka ny baolina tokony ho tafiditra fa mbola tsy matotra amin'ny famonoam-baolina ny mpilalaontsika. Zava-dehibe hanomanan'ny mpilalao ny toetsainy ny fitazomany ady sahala ny mpifanandrina taminy, nanao ady sahala (0/0) tamin'ny Lion'i Teranga ihany koa, talohan'ny fihaonana nataony tamin'ny Malagasy.

a.r

Kick-boxing

# Hikarakara "Combat de défi" ny federasiona

Raha tsy misy ny fiovana dia hotanterahina eto Antananarivo, amin'ny volana febroary io, ilay « combat de défi », eo amin'ny haiady Kick-boxing. Ny Federasiona no mikarakara izany, ka raha ny angom-baovao voaray dia hanomanana ireo Kicker, hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena, hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2023 izany. Tsiahivina fa isan'ny taranjam-panatanjahantena, tafiditra ho anisan'ny hifaninanana amin'ity andiany faha-11 amin'ny Lalaon'ny Nosy ity ny Kick-boxing. Manoloana izay, manomana ary mivonona ny amin'ny fiatrehana izany ny eo anivon'ny federasiona. Aorian'io « combat de défi » io dia hisy avy hatrany ny fampivondronana ho an'ireo atleta hifantenana handrafitra ny ekipam-pirenena. Anisan'ny haiady manavanana antsika Malagasy ity Kick-boxing ity. Betsaka ireo solontenantsika no nibata sy nandrombaka medaly nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika. Tsy nitsangamenatra ihany koa izy ireny, nandritra ny fiadiana ny tompondaka eran-tany fa nahazoam-bokatra tsara, ary tena nahafantaran'ny firenena tany ivelany tany ny fisian'i Madagasikara. Efa manomboka mivoatra kosa anefa ireo Nosy rahavavy, ka mila miomana tsara isika, satria dia mieritreritra ny handrombaka medaly volamena avokoa ireo mpandray anjara. Tsy tokony hanamaivana na hanao tsy zarizary ny fanomanana i Madagasikara, satria dia izany ihany no fototra sy antoka amin'ny fahazoambokatra tsara.

Rabenaivo

Basket - Section Tana Ville

# Ekipa 48 no hiatrika ny fifaninanana amin'ity taom-pilalaovana 2023 ity



**Mamokatra ekipa maro ny Section Antananarivo Renivohitra !**

Hosantarina amin'ny fomba manetriketrika eny amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina amin'ny sabotsy 14 janoary 2023 ho avy izao, ny taompilalaovana 2023 amin'ny basket-ball, karakarain'ny Section Antananarivo Renivohitra. Ekipa 48, hiatrika ny fifaninanana ampanaovin'ny Section Antananarivo Renivohitra, no handray anjara amin'ny filaharana "carnaval" lehibe, entina manamarika ny fisokafan'izany taom-pilalaovana izany. Ankoatra ny ambin'ny lalao famaranana "pré-saison" tsy vita tamin'ny faran'ny heriandro lasa teo, izay ifanaovan'ny sokajintaona isan-karazany, dia hisy ihany koa ny hetsika arajavakanto hohafanain'i Mr Sayda. Tsara hofantarina ny voka-dalao "pré-saison" sasany: "U13F"/ASSM (16) # FBC (06) (06/04 – 04/00 – 04/00 – 02/06) ; "U15F" / ASA (29) # MB2ALL (28) (06/06 – 09/015 – 09/03 – 05/04) ; "U15G" / ASSM (29) # JCBA (37) (07/06 – 04/19 - 13/06 – 05/06) ; "U17G" / Fandrefiala (61) # COSFA (47) (21/13 – 16/10 – 07/14 - 17/06). Tahaka izao kosa ny fizotran'ny fandaharam-potoana amin'ny sabotsy 14/01/23 tontolon'ny andro. 8 ora : Famaranana "U13G" / ASSM # JCBA ; 9 ora : Famaranana "U17F" / MB2ALL # Lucadro ; 11 ora 30 : Famaranana " U19G" / Fandrefiala # AKBB ; 2 ora 30 : Fanolorana amboara sy medaly ; 4 ora : Fanokafana ny taom-pilalaovana 2023, arahina kabary isan-karazany, ary faranana amin'ny fihaonan'ny AMBB sy ny DTSC.

aris rafaly

Taekwondo - Mada 2023

# Ireto avy ireo tompondaka

Ny faran'ny herinandro lasa teo no vita tany Toamasina ny famaranana ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny taranja Taekwondo. Ireto avy ireo nandrombaka ny anaram-boninahitra. Kyorugi : zazalahy poussins (-19) – Rohy Mahatsangy(Sorang Analamanga), (-21)- Mandresy Dylan(Dynamic Analamanga), (+21)- Fanilo Yaiko(Black Tigers Atsinanana). Pupillles(-19) : Misaina Alvine(ATF Atsinanana), (-21) : Nicky Andriamanantonina(Dynamic Analamanga), (-23) : David Shaian(Lion Analamanga), (-25) Riantsoa(Meilleur Analamanga), (+25) / Mathieu (Lion Analamanga).Pupilles II(-19) : Manantia(Esca-Para Analamanga), (-21) : Johan (Iarivo Analamanga), (-23) : Eric Prince(Meilleur Analamanga), (-25) : Miotiniaina(Sab-nam Analamanga), (-27) : Tiavina(Esca-Para Analamanga), (+27) : Ethan(Dynamic Analamnga). Benjamins(-21) : Safidy Ny Aina(Sta Tw Analamanga), (-24) : Lovasoa(Soarang Analamanga), (-27) : Joda(Iarivo Analamanga), (-30) : Yvon(Lion Analamanga), (-33) : Aina(Lion Analamanga), (-37) : Benoit(Tigres Vakinankaratra)/

Rabenaivo




TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Faharatsian'ny lalam-pirenena faharoa

# Manambana hitokona ireo mpitondra kamiao

*Miandry ny fandraisana andraikitry ny fanjakana hatramin'ny alahady ho avy izao.*



(Tahirin-tsary)

Mitady hipoaka ny sarombilanin'ireo mpitatitra entana amin'ny lalam-pirenena faharoa, na ny RN 2. « *Efa kamio telo sahady no nivadika teo Marozavavy, lalana mihazo an'i Toamasina, tao anatin'ny andro vitsivitsy. Nanao fanairana ireo mpitondra kamiao amin'iny lalam-pirenena faharoa iny manoloana izany. Miandry ny fandraisana andraikitra avy amin'ny fanjakana izy ireo hatramin'ny alahady 15 janoary ho avy izao. Ekenay fa mety tsy ho tara ao anatin'ny fotoana fohy fa azo atao ny manotofra vato vonjimaika sy manetsika ireo milina fanamboaran-dalana mipetraka any amin'ny faritra. Raha dila io fepotoana io dia hivory ny Fikambanan'ny Mpitatitra mampiasa kamio handinihana ny fepetra horaisina* », hoy Abdou Tino, filohan'ny ATC (Association des Transporteurs Camionneurs). Araka ny fijoroana vavolombelona nataon'ny mpitatitra iray dia tsy vitan'ny tandidomin-doza ny aina sy ny fananana entin'izy ireo noho ny fahapotehan'ny lalana fa ahiana koa ny ain' ireo mpandeha taksibrosy mandeha amin'ireo fiara misongona ireo kamio eny an-dalana, satria mety hifatratra any amin'ireo taksibrosy ny kaontenera entin' izy ireo raha sanatria mianjera vokatry ny lalana feno ladavaka sy kisilasila. Manginy fotsiny ny fitomboan' ny fotoanan'izy ireo very eny an-dalana. Efa tao anatin'ny taona maro no nitaraina momba ity faharatsian'ny lalana ity ireo mpitatitra, saingy tsy nohenoin'ny fanjakana. Ny fanamboarana ny lalana mikodana mampitohy an'i Toamasina sy Antananarivo no nahamaika ny fanjakana. Ny ankamaroan'ny entana ilain' ny mponina andavanandro manerana ny Nosy anefa dia miainga ao Toamasina ary mandalo ny RN 2 avokoa. Hihamafy ny fiakaran'ny vidin'entana raha toa ka miroso amin'ny fitokonana ireto mpitatitra ireto na koa hisy fahatapahana ny lalana ao anatin'izao fotoam-pahavaratra izao.

**R. Muray**

Naivo Raholdina

# Manohana ny fametrahana governemantan'ny fisokafana



Ny solombavambahoaka Naivo Raholdina mivady. (Tahirin-tsary)

Amin'izao mampandeha ny feo ny amin'ny hiovan'ny governemanta, na ny mpikambana sasany eo anivon'ity fahefana mpanatanteraka ity, dia nilaza ny heviny mikasika an'izany ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. *"Raha misy ny fisokafana ataon'ny Filoham-pirenena dia tsy misy olana aminay mihitsy ary tsy lavinay izany. Tokony ho olona mahay miasa sy tsy manilikilika TGV no apetraka amin'ny toeran'ny Minisitra. Ny anay amin'ny maha solombavambahoaka anay sy amin'ny maha mpanara-maso ny asan'ny mpanatanteraka anay, rehefa mahita zavatra mampimenomenona ny vahoaka dia miteny izahay. Marina fa tsy manendry fanahy ny Filoha amin'izay olona ho Minisitra vaovao eo fa izahay dia tsy maintsy miezaka manaitaitra an'ireo olona rehetra izay ho eo. Ny irinay dia mba ho olona madio fo, mahay mankasitraka, olona tia ny Filoham-pirenena, mahay miara-miasa amin'ny ekipan'ny Filoha Andry Nirina Rajoelina sy amin'ny MAPAR ary ny TGV"*, hoy ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. Na izany aza dia ny Filoha ihany no tompon'ny fanapahan-kevitra ny amin'ny hanovAna na tsia ny governemanta, hoy hatrany ity mpitarika TGV-MAPAR eny amin'ny boriborintany fahadimy ity. Nomarihin'ity depiote ity ihany koa fa *"ny Filoham-pirenena no nanao "contrat programme" tamin'ny praiminisitra, ary ny minisitra dia manatanteraka ihany. Noho izany, ny Filoha Andry Rajoelina no mahafantatra hoe ity asa ity no ampanaoviko ny minisitra Ranona ka ho vitany. Ilay fandrafetana azy dia apetraka amin'ny hoe efa tokony hanolo ny ekipany ve izy? Tokony hanova minisitra ve? Sa tokony hisokatra ihany koa, satria aza hadinoina fa ny Filoham-pirenena dia efa tsy Filohan'ny TGV-MAPAR sy ny IRD intsony, araka ny ao anatin'ny lalam-panorenana, fa efa lany Filohan'ny Malagasy rehetra tsy vaky volo"*, hoy hatrany ny solombavambahoaka Naivo Raholdina. Ny ivavahan'ity farany dia mba tsy hiverenan'ny ohatra teo aloha fa mba ho minisitra tena olona hiasa, tsy ho olona sakaizan'ny mpandresy fotsiny fa mba hitady ny tombontsoa ambonin'ny firenena sy ny vahoaka malagasy.

**Heriniaina A.**

Fanadinam-panjakana CEPE sy BEPC

# "Tamin'ity fitondrana ity vao nakana vola ny fisoratana anarana", hoy Rakotomalala Celin

Mampaneno lakolosy ny sekoly tsy miankina amin' ny fanjakana eo anoloan'ny fitakiam-bola amin'izy ireo rehefa manoratra anarana amin'ny fanadinam-panjakana. *" Tamin'ity fitondrana ity vao nisy izany vola takiana rehefa misoratra anarana hiatrika fanadinam-panjakana izany. Nisy "note de service" nivoaka ka nampandoavana 500 ar isaky ny mpiadina mba hahafahana manatontosa izany fanadinam-panjakana izany. Rehefa mandeha anefa ny asa rehetra dia tsy mahaleo ny sarany ny vidiny ka tsy ampy io vola nasaina naloa io. Hatreo amin'ny fanaterana ny laza adina eny amin'ny DREN ihany no raisin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena fa anjaran'ny sekoly ny miantoka ny fahatongavany eny amin'ny foibem-panadinana. Vokany, zaraina amin'ireo mpiadina ny fandaniana, ka ho an'ny CEPE fotsiny, manomboka amin'ny 1000 ar hatramin'ny 1500 ar ny vola nalaina tamin'ireo mpiadina raha manomboka amin'ny 2000 ar hatramin'ny 3000 ar ho an'ny BEPC."* Hoy Rakotomalala Celin, mpitondra tenin'ireo sekoly tsy miankina. Eo anoloan'izany, mangataka amin'ny fitondram-panjakana, indrindra fa ny Filoham-pirenena mba handray fepetra ka hanafoana io "note de service" io mandritra ny filankevitry ny minisitra, satria tokony ho maimaimpoana izany fanadinam-panjakana izany. Tsiahivina fa hanomboka ny 23 janoary 2023 izao hatramin'ny 24 martsa 2023 ny fisoratana anarana ho an'ny CEPE ary hanomboka ny 30 janoary hatramin'ny 31 martsa 2023 ho an'ny BEPC.

**Nath**

Anosy - Mahamasina

# Voahilikilika lava ireo Taxi môtô, esorina amin'ny toerana fiandrasana mpanjifa

Mitaraina ireo mpitondra taxi moto eny amin'ny fiatoan'ny taksibe eny Anosy sy Mahamasina iny hoe *"voahilikiliky ny mpiasan'ny fivondronana hatrany izahay isaky ny mijanona miandry mpanjifa eto, efa saika isan-kerinandro, fa tsy mety hoe ity toerana misy anay ity. Ny olana anefa dia efa eto no mahazatra ny olona mpandeha aminay rehefa misy dia maika tsy maintsy haleha"*, hoy ny solontenan'ny mpitondra taxi moto taminay. Raha ny vaovao efa niparitaka tamin'ny haino aman-jery moa dia efa nomen'ny ben'ny tanàna fahafahana miasa ara-dalàna ireny taxi moto ireny eto Antananarivo Renivohitra. *"Izay mihitsy no mahagaga anay, satria raha ny fantatra dia efa afaka miasa an-kalalahana izahay mba ho asa fanampiana vahoaka ny asa fitaterana ataonay. Rehefa mba tonga eo amin'ny toerana izahay dia roahina hatrany, kanefa mba manaradalàna ihany izahay amin'ny fijanonana sy ny fihetsika rehetra ataonay. Izahay aloha tsy hiala eto ary mba anaovanay antso amin'ny tomponandraikitra ny hijerena an'izao olana sedrainay izao"*, hoy hatrany ny solontenan'ny mpitondra taxi moto taminay. Misy am-polony maro moa ireo taxi moto miasa eny Anosy Mahamasina eny isan' andro. Manomboka amin'ny 5 000 Ar, raha akaiky ny toerana haleha, ny saram-pitaterana ny mpandeha ary misy no hatrany amin'ny 25 000 Ar raha somary lavitra kosa no tsy maintsy hanaterana ny mpandeha.

**Heriniaina A.**

Taham-pahafatesan'ny zaza sy reny

# Azo sorohina raha mendrika ny tolotra ara-pahasalamana azo

Nisy fivoarana kely dia kely ny taham-pahafatesan'ny reny, zaza menavava ary ny ankizy teto amintsika. Nidina 14% mantsy ny taha teo anelanelan' ny 2008 sy 2018. Ho an'ireo reny maty teo am-piterahana, raha 498 amin'ny 100 000 zaza teraka dia lasa 426 izany. Ho an'ireo zaza menavava maty kosa, 26 amin'ny zaza teraka 1000 izany ho an'ny taona 2021, araka ny antontan' isa navoakan'ny EDS 2021. Voalazan'io fanadihadiana io ihany koa fa 47 amin'ny zaza 1 000 teraka no nodimandry. Mitohy anefa ny ezaka ataon' ireo ambaratonga rehetra mba hahafahan'ny sokajin'ny ankizy rehetra mahazo tolotra ara-pahasalamana sahaza. Tamin'iny taona 2022 iny, misy ny paikady vaovao nentina mba hampihenana io taham-pahafatesan'ny reny eo am-piterahana sy ny zaza menavava ary ny ankizy io. Nampidirina tao ny ENAP na ny drafitrasa hiveloman'ny zaza ary ny EMMP izay tetikasa iraisam-pirenena mba hanatrarana ny ODD. Etsy ankilan'izany, nohamafisiana foana ny fahalalan'ireo mpanentana ara-pahasalamana eny ifotony mba hahafahan' izy ireo mandray an-tanana ireo karazan-tolotra vitany sy ny fanarahamaso ny fitombon' ny zaza. Novatsiana fitaovana ihany koa ireo tobim-pahasalamana mba hanaraka ny fenitra ny fampiterahana ireo reny mitondra vohoka. Azo nosorohina anefa ny ankamaroan'ireo fahafatesana ireo raha mahazo tolotra ara-pahasalamana mendrika ny reny mitondra vohoka sy ny zaza vao teraka ary ny ankizy. Maneran-tany kosa, tamin'ny 2021 dia nisy zaza na tanora iray maty isaky ny 4,4 segondra, araka ny tatitra nataon'ny firenena mikambana. Zaza 5 tapitrisa no maty talohan'ny faha dimy taonany ary 2,1 tapitrisa ny zaza sy tanora eo anelanelan'ny 5 hatramin'ny 24 taona nodimandry tamin' ny 2021.

*26 amin'ny zaza teraka 1 000 ny zaza menavava maty tamin'ny ny taona 2021.*

**Nath**